TATITRA DINGANA FAHAROA: FANADIHADIANA IFOTONY

Firenena: MADAGASIKARA
Kaominina: Joffre-Ville

Famintinana ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina sy ny toerana misy azy

Ny kaominina Joffre-ville dia 35Km miala amin'ny Renivohi-paritany Antsiranana;10 km miala Kaominina Sakaramy izay mifanila-bodirindrina aminy sy 22 km miala Kaominina Antanamitarana. Manana Fokontany 3 izy (Joffre-ville centre, Morafeno ary Ambibaka) izay zarazarain'ny 10 sekitera;

Ireo kaominina mifanila-bodirindrina aminy:
-Avaratra : Antsiranana ;
-Atsimo : Andranofanjava ;
-Atsinanana : Mahavanona ;
Andrefana : Antsahampano ;

Mirefy: 255 km2;
Isan'ny mponina: 4500 ny taona 2013;

Famintinana ny tantarany:
Betaindambo no niantsoina ny Tanana nohon' ny habetsahan'ny lambo sy ny tainy tamin'ion toerana io teo aloha. Ny mpiavy avy tany Toamasina nipetraka tamin'io faritra io sy ny manodidina "Montagne d'Ambre" dia nanome anarana ho "**Maroamby**"; Taty afara ny mponina tao nanome anaran-tanana ho **"Ambohitra".**
Tao no misy "cascade" izay nohamasininy lasa "Cascade sacré" izay fangataham-pitahiana, sy anaovany fetim-pomban- razana ary amonoana omby rehefa mahazo nu atka natao

Ireo manao fangatahana

Cascade Sacrée

.
Ny fahatongavan'ny Miaramila Frantsay izay notarihin'i **"Marechal JOFFRE"** dia nanjavana ny ala izay nanaovan'ny Toby (Camp militaire) noho ny fitiavany an'ilay toetr'andro (climat) tao. Tao i Marechal JOFFRE no nanao "congé" na miala sasatra matetika teo amin'ny taona 1900 ka hatramin'ny 1903.
Nitombo hatrany ny Tanana sy ny mponina. Maro be ny mpiavy nanori-ponenana toy ny foko: Antaimoro, Antandroy, Sakalava, Bara, teo koa ny Arabo, Chinois, ny Karana naira-

monina tamin'io toerana io ka nanome anaran-tanana "**JOFFRE-VILLE"** ho fanomezam-boninahitra sy fahatsiarovana an'i "Marechal JOFFRE" rahateo koa;

Nanomboka teo ny fitondram-panjakana nisy ary lasa Kaominina (Kaominina Joffre-Ville) hatramin'izao.
Tamin'ny Repoblika voalohany dia tao no nisy "Centre de formation pédagogique" no sady nisy "Internat des jeunes filles" koa ny CEG tao Joffre-ville izay namoka mpianatra maro tamin'izay ;

Mampalahelo anefa nokorosy fahana izy ireo ,nanomboka ny repoblika faharoa ka tsy mbola tafarina hatramin'izao ,ka hita amin'ny sary io ny trano nipetrahan'ireo zazavavy kilasimandry fahiny;

Ancien Internat des jeunes Filles en ruines

90 % ny mponina ao Joffre-ville dia mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana.
Misy tranon-tsekoly EPP sy Sekoly Privées ny Kaominina, manana CEG 01, Tranom-pokonolona ary Tobim-pahasalamana CSB II miaraka chateau d'eau koa izy.

Mitsinjara foko 06 ny mponina ao ka toy izao:

Foko	**Isan-jatony (%)**
Antaimoro	50
Betsimisaraka	20
Antandroy	15
Tsimihety	10
Sakalava	05

Ny Fokontany Renivohitry ny Kaominina dia ny trano vato maro ary vaventy no ao fa eny amin'ny Fokontany roa sisa dia vita amin'ny fanitso na akora eo an-toerana ihany toy ny Bozaka, Baobao.

Marihina fa sopitry ny faritra Antsiranana manontolo ny Kaominina Joffre-ville noho izy mamatsy rano fisotro amin'ny alalan'ny fisian'ny Réseau d'Eaux ao amin'ny Parc Montagne d'Ambre (Ala fady na Reserve Naturel), faritra arovana sy tantanin'ny Madagascar National Park na MNP izay mitoetra ao amin'ny Kaominina mihitsy izio.

Ny Biraon'ny Kaominina dia manana erin'aratra azo avy amin'ny masoandro "Panneaux solaires" miraka Ordinateur 03, imprimante 01 izay vokatry ny fiaraha-miasa amin'ny mpiaramiombon'antoka "Union Eurpéen" miraka amin'ny "FINISTERE";
Toerana Fidiovana 01 tamin'ny fiaraha-miasa amin'ny PICARDIE;
Marihina fa anisan'ny mambra ny ACPU/DS (Association des Commune du Pole Urbaine de Diégo Suarez" izay miara-miasa amin'ny Region PICADIE sy FINISTERE nanomboka tamin'ny taona 2009 ny kaominina Joffre-ville. Tamin'ny taona 2013 dia naira-niasa tamin'ny UNION EUROPEEN koa ny ACPU/DS ka nahazo famatsiana "Panneau Solaire sy Ordinateur 03 ary imprimante" 01 ny kaominina 07 mambra tsirairay izay entina hanatsarana ny fomba fiasa sy fampandehana-draharahan'ny vahoaka.

Biraon'ny Kaominina misy herin'aratra avy amin'ny Masoandro

Tanjak'ilay kaominina eo amin'ny fampidirana ny miralenta

Fisian'ny Fikambanam-behivavy ara-panjakana 03 (0 mars, AED, OTIV) sy fikambanan'ny tanora (lahy sy vavy) 2 fa mbola tsy ara-panjakana;
Bornes fontaines 20 manenika ny Fokontany ary château d'eau 01 ;
Manana Bazar ary saika vehivavy daholo no mivarotra aminy;
Misy vehivavy mpandraharaha 2 amin'ny fanaovana hotely fisakafoanana;
Manana tombony ny kaominina satria vehivavy daholo ny Chef fokontany sy ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra ao an-toerana. Ny mpananteraka ao amin'ny koaminina koa dia efa anjakan'ny Miralenta (50/50).

Fahalemena
Ny mpanambola ihany no mahazo vahana amin'ny ankapobeny na amin'ny fampiasana rano fisotro madio ary mametraka olana lehibe amin'ny tsy fahalavorarian'ny fitantanana. Tany ambolena dia saika Privé ary ny mpanana ihany no tompony sady mahazo vahana noho'ny fanana. Tsy ampy ny tany iveloman'ny mponina, ny olona anefa mitombo andro aman'alina ka lasa misy fiantraikan'ny amin'ny Ala fady.

Vitsy araka izany koa ny tany vita Borne na misoratra amin'ny anaran'ny tompony. Ny tany Miaramila sy Privé no habetsahan'ny tany. Tsy vitsy ny mponina mivelona amin'ny tanin'olona.

Valin'ny "carte des scores" (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

Tanjona	**Naotynomen'nykaominina (%)**	**Naotynomen'ny Gender Links (%)**	**Naotyifanarahana**
Sehatry ny pôlitika	02		
Fitondram-panjakana	03		
Fandraisana anjara	01		
Fandraisana anjara ny vahoaka	04		
Fandaharanasa manokana hoan'ny vehivavy sy ny lehilahy	07		
Famatsiana sy fandraharahana	01		
Fiovaovan'ny toetrandro sy fampandrosoana maharitra	07		
Trano fonenana	02		
Fahadiaovana	02		
Fahasalamana	04		
VIH SIDA sy fikarakarana ny marary	03		
Fandrosoana eo amin'ny fiainanam-piarahamonina	02		
Fampidiranany resaka Miralenta eo amin'ny fandaharana asa efa ataon'ny Kaominina:	06		
Fandraisana mpiasa	04		
Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana	01		
Fiatsarana eo amin'ny asa	04		
Rafim-pitantanana ny miralenta	00		
Teti-bola	00		
Fanaraha-maso sy tombana	01		
Fitambarany	**54**		

FANADIHADIANA IFOTONY

SEHATRY NY POLITIKA

Fantatry ny kaominina ve ireo fifanarahana atao eto amin'ny firenenana eo amin'ny faritry ny Rano masimbe Indianinana amin'ny iraisam-pirenena toy ny tamin'ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana ary ny pôlitika hampitoviana hasina ny lahy sy ny vavy?

-Tsy nahafantra ireo fifanarahana atao eto amin'ny firenena momba ny miralenta ny Kaominina na ny mponina. Maheno kosa ny fivoizana ny miralenta amin'ny haino aman-jery ny mponina fa tsy nahafantatra ny tanjona tratrarany amin'izany.
Raha momba an'ny SADC indray dia amin'ny resaka politika hivoahana amin'ny krizy eo amin'ny sehatry ny fitondram-panjakana ihany no nahafanataran'ny mponina azy fa tsy ny fivoizana ny Miralenta amin'ny hampitovizana ny hasina ny lahy sy ny vavy.

FITONDRAM-PANJAKANA

- **Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny kaominina**

Fanamarihana:
-Miisa 5 ny mpanolo-tsaina ary ny vehivavy 2 amin'izany fa saingy tsy masin-teny na dia manolotra hevitra tsara aza;
-Ny mpanantanteraka ao amin'ny kaominina dia 6 ny vehivavy ary 6 koa ny lehilahy.

Ireo kômity ao amin'ny kaominina

	Lahy	**Vavy**	**Fitambarany**	**% Lahy**	**% Vavy**
Mpanolo-tsaina	03	02	05.	60%	40%
Mpanatanteraka	03	03	06	50%	50%
Mpiasan'ny Kaominina	06	06	12	50%	50%
Fitambarany	**12**	**11**	**23**	53%	47%

- **Fandraisana anjara**

Samy mandray anjara amin'ny fivoriana na ny lehilahy na ny vehivavy saingy tsy dia masin-teny loatra ny vehivavy na dia manome hevitra tsara aza;

- **Fandraisana anjaran'ny vahoaka**

Amin'ny fivoriam-pokon'olona dia ny vehivavy no maro an'isa na tonga maro raha oharina main'ny lehilahy. Toraka izany koa eo amin'ny fandraisana anjara amin'ny asam-pokon'olona, na amin'ny fanaovana zavatra na hetsika anivon'ny kaominina. Amin'ny fivoriana ny vehivavy no maro an'isa tonga fa kely fandraisana anjara amin'ny amin'ny fitenenenana satria tsy masin-teny ka matetika koa tsy mahatody fivoriana fa miala aloha mamonjy raharaha an-tokan-trano. Mbola mipetraka ihany fananana fiheverana **RAIKI-TAPISAKA** ny lehilahy tsy mampitraka ny vehivavy. Ary izany no mahakamo ny vehivavy sasany hamonjy fivoriana.

Hetsika Samihafa

Amin'ny fanaovana asam-pokonolona. Ny vehivavy indray no betsaka satria raha misy ny asa atao eto an-tanana matetika amin'ny alalan'ny fikambanana ihany ny manao ilay asa fa indrindra ny 8 mars. Eo koa ny fanohanana izay ataon'ny ACPU/DS amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy sy ny tanora ao amin'ny Programan'asa miaraka amin'ny kaominina. Marisika amin'ny fandraisna andraikitra ny vehivavy. Tsindrina mafy eto fa ny vehivavy sy tanora anaty fikambanana no miara mientana.

DRAFITR'ASA HIASANA

Misy lamin'asa eo amin'ny kaominina fa tsy mbola misongadina ny Miralenta

FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY

- Fiarian-karena sy famoronana asa
  Fambolena no tena ifatoran'ny fiainam-bahoaka miampy fiompiana madinidinika na ny lahy na ny vavy io; Ahitana micro-finance OTIV izay mampidram-bola ireo vehivavy mivarotra eny amin'ny Bazary ao an-toerana na mamonjy Tsena an-toeran-kafa (oh. Antanamitarana ny Asabotsy sy an'ny Antsiranana); Maro ny vehivavy misahana asa varotra noho ny fisian'ny fiaraha-miasa amin'ny OTIV manampy azy ara-bola.

- **Famatsiana**

  Joffre-ville dia mamatsy rano ny faritra Diégo manontolo nohon'ny fisian'ny Montagne d'Ambre (Ambohitra) ao aminy. Mamatsy ara-tsakafo ny manodidina azy koa izy (Fokontany na ny kaominina) fa indrandra amin'ny vokatra ara-ekonomika toy ny katakata, Letisy, Katy (izay lasa fidiram-bola manarakaraka letchis).
  Eo koa ny voly voly avotra (voamaina, legioma, mangahazo ary ny voan-kazo isan-karazany ho fanampiny fidirambola ary mamatsy koa ireo Tanana na Kaominina manodidina azy ;

- **Trano fonenana**

  Raha ny ao andrenivohitra ny kaominina dia saika ny trano vato vaventy no ankamaoroany izay navelan'ireo vazaha Créole nipetraka teo aloha sy ireo mpanambola nandimby azireo (Karana, vazaha …). Eny amin'ireo fokontany roa sisa feheziny ny trano dia vita amin'ny Tôly na akora eo an-toerana toy ny baobao, hazo, bozaka ny trano fonenan'ny mponina;

- **Kojakojam-piainana andavan'andro**

  Isaky ny Fokontany dia misy Kômity Fampandrosoana ny Fokontany (CDF) izay miasahana ny asa Fampandrosoana ary miara-miasa amin'ny fitondrampanjakana tsy mihoatry ny 8-15 ny isany ary 30%-n'izireo dia kendrena ho vehivavy farafaharatsiny. Izio dia rafitra napetraky ny fiaraha-miasa misy eo anivon'ny Fikambanan'ny kôminina 7 mitambatra (ACPU-DS) sy mpiara-miombon'antoka (PICARDIE);
  Ireo komity anivon'ny Fokontany ihany no Tompon'andraikitra amin'ny asa fampandrosoana rehetra izay voarafitry ny sokajim-piainana rehetra misy ao amin'ny ny Fokontany miaraka amin'ny Ray aman-dReny na ireo Mpitondra ny Fiangonana, fikambana satria samy ahitana izy ireny avy ireo Fokontany ireo; Mbola tsy voapetraka ara-dalana ny rafitra ikojakojana ny foto-drafitrasa misy fa indridra ny momba ny rano fisotro satria mbola an-dalam-pandaminana azy noho ny fetezan'ny rafitra teo aloha sy ny fivalamparan'ireo mpanam-bola.

- **Fahasalamana**

Misy Tobim-pahasalamana ny Kaominina. Ny Fokontany dia efa manana Mpanentana ara-pahasalamana AC (Agents Communautaires izay napetraky ny kaomina eo koa COSANE na ny Kômitin'ny Fahasalamana izay tarihin'ny Filohan'ny mpanotsainan'ny Kaominina;

Ny fikambanana tsy miankina toy ny MAHEFA, ONN dia miara-miasa amin'ny Kaominina koa; Miara-miasa izireo miaro sy miahy ny fahasalaman'ny zaza sy ny Reny.

Marihina fa mpiasan'ny Tobi-pahasalamana (CSB II), na ny Agents Communautaires eny anivon'ny Fokontany izay miara-miasa amin'ny Fikambanana tsy miakina ireo dia vehivavy jiaby.

- **Fahasalamana sy tontolo iainanana sns.**

Ny fitantana jiro ao amin'ny Biraon'ny kaominina dia dia ny kaominina no miandraikitra azy ary efa misy olona voatokana amin'izany (Agent de maintenance) ary efa nomena fiofanana amin'izany.

Ny fitantanana ireo Paompin-drano na rano dia misy teknisianina ho amin'izay fa lasa vestry ny kaominina satria tsy mirindra ny fitantantana ka miteraka fantintoka ny kaominina sy ny faahasahiranam-bahoaka.

Eo ny fitantanana Ala voajanahary/ Ala fady izay sahanin'ny MNP miaraka amin'ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina sy ny vahoaka;

FAMPIDIRANA NY RESAKA MIRALENTA AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA MISY
Drafitrasa hamongorana ny herisetra : Drafitrasa narafitra niaraka amin'ny SATI/ACPU-DS mikasika fanomezana tetikasa ireo Fikanambanam-behivavavy.

FANDRAISANA MPIASA

- **Sivana sy fandraisana mpiasa**
  Tsy misy fanavahana ny lahy sy ny Vavy ny fandraisana mpiasa ao amin'ny kaominina;

- **Drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa**

Ny drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa ny Kaominina dia voafaritra ao amin'ny « organigrame » ihany ny isany fatsy voafaritra na lahy na vavy ;

- **Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana**

Efa misy fiofanana azon'ny mpiasan'ny kaominina araka ny sokoajin'asan'izireo toy ny mahakasika ny "Informatique," ny fikojakojana ireo angovo na herin'aratra azo avy amin'ny masoandro ampiasain'ny Kaominina, ny momba fampandehanan-draharaha ao amin'ny kominina ho amin'ny filan'ny vahoaka (Etat-civil, resaka ara-bola (avis d'imposition, ary ny mpanolo-tsaina sy ireo mpanantanteraka koa dia nahazo koa;

Ny fikambanana toy ny fikambanam-behivavy dia efa nahazo fiofanana momba ny fitantanana sy ny fiainanan'ny fikambanana, fanaovana tetik'asa sy fanaovana tatitra ny asa atao;

- **Fanatsarana eo amin'ny asa**

  Famporisihana amin'ny alalan'ny fampitaovana manara-penitra toy ny Ordinateur miaraka amin'ny angovo mampiodina azy miaraka amin'ireo kojakojany sy fitantantana azy mba hanafaingana sy hantsara kokoa ny asa omena an'ny vahoaka**;**

RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA

- **Teti-bola hampidirana ny miralenta**
  Mbola tsy misy

- **Tombana**
  Ny SATI/ACPU-DS ihany no niarahana nanao ny tombana tamin'ireo fampiofanana nataon'ny tamin'ny taona lasa ;

- **Tsanganana pôlitika mahery vaika (Champion du genre)**